## MANDROSOA-IVATO

# TOVOLAHY NITONDRA MÔTÔ, MATY NIFANDONA TAMIN'NY FIARA

4


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7626 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Talata 25 jolay 2023


## FAKAN-KEVITRA ALOHAN'NY FIFIDIANANA

7

# TONGA ETO HANARA-MASO NY FIZOTRY NY FANOMANANA NY SADC



## MARINA IZANY !

7

### MBOLA MIFAMAHOFAHO !

## BAKALOREA



8

### NAHEMOTRA NY FITSARANA, NISY LAZA ADINA NIFAMADIKA HO AN'NY TEKNIKA

## ANTANANARIVO RENIVOHITRA

8

### MANAMBANA HAMPIAKATRA SARANDALANA HO 800 Ar IREO TAKSIBE

## BLOCO MALAGASY

2

### MAHATALANJONA NY ESPANIOLA NY TALENTANY

## POLISY NOVONOIM-BADINY

### NITOLO-BATANA ILAY RAMATOA

4







Betafo -"Tranom-boky Dox"

# Niantoka ny lany rehetra ny "Mpanjakan'i Vakinankaratra"

*Ny 3 sy 4 Aogositra izao no tokanana amin'ny fomba ofisialy ity toerana ity.*

Feno 110 taona amin'ity taona ity (raha mbola velona) i Jean Verdi Salomon Razakandraina fantatra amin'ny anarana hoe Dox mpanoratra. Ho fanomezam-boninahitra sy hahatsiarovana azy dia nanangana trano atao hoe "Tranom-boky Dox" ao Betafo Anjanapara Imanja fiavin'i Dox ny mpanjakan'i Vakinankaratra Angelina Ralaitsizafy Andrinamelavahoaka. Izy rahateo raha ny fanazavany no nandray an-tanana 100% ny lany rehetra tamin'ny fananganana azy. Raha ny fanazavana dia ny 3 sy 4 Aogositra izao no tokanana amin'ny fomba ofisialy ity toerana ity. Nahazo fankatoavana tamin'ny ambaratongam-pahefana any antoerana ny fananganana ity trano ity, nanome alalana ny Mpanjakan'i Vakinankaratra ihany koa ny fianakavian'i Dox, ny tany nanamboarana ny tranom-boky ao kosa dia natolotry ny fokonolona ao Imanja. Ny vondrona Andrianiko ny Taniko sy ny mpanakan'i Vakinankaratra dia mampifandray an'Anjanapara sy ny mponina ao amin'ny kaominina ambanivohitra ao Alakamisy Anativato sy ny fianakavian'ny mpanjaka ao Anjanapara no nanao talotanana tamin'ny alalan'ny herin-tsadry tamin'ny fanamboarana sy fanampiana tamin'ny fanatontosana ny fananganana ny "Tranom-boky Dox" ho lova soa hapetraky ny mpanjaka ho an'ny taranaka faramandimby.

**An'i Malagasy rehetra**

Ny tranom-boky dia natolotry ny Mpanjakan'i Vakinankaratra ho eo ambany fitantanan'ny taranak'i Dox sy ny fikambanana Ifanampian'ny terak'i Vakinankaratra, ny "Ajuva" sy ny "Aepiva", ny Raiamandreny ara-drazana eto Vakinankaratra, fa kosa, Dox dia an'i Malagasy tsy vakivolo. Arak' izany dia azon'ny vahoaka malagasy tsidihina ny tranom-boky. Marihana fa ny 24 jona 2021 no natao ny adifototra Tranom-boky Dox izay niarahana tamin'ny Fikambanana Andrianiko ny Taniko sy ny vahoakan' Anjanapara. Tonga nanatrika izany ny vohitr' andriana san-tokony tao Betafo, ny manampahefana isan-tsokajiny eto Vakinankaratra teo ambany fitarihan'ny tale kabinetra Faritra Vakinankaratra sy ny mpanolotsaina ny Governornan' ny faritra Vakinankaratra, ny talem-paritry ny fanabeazam-pirenena, ny talem-paritry ny fambolena sy fihompiana, Ben'ny tanana Alakamisy Anativato efatra, ny sefom-pokontany Imanja ary ireo kartie mobily.

**Tiaray R**

Sekoly Politeknika Vontovorona

# Hetsika maro loko entina hankalazana ny tsingerin-taona faha-50 taona

Mankalaza ny tsingerintaona faha-50 amin'izao fotoana izao ny ESPA Sekoly Politeknina Vontovorona. Omaly no nampahafantarina ny mpanao gazety tao amin'ny Telma eny Andraharo ny fanadaharam-potoana mikasika izany. Nanambara ireo mpikarakara fa hanamarika ity tsingerin-taona ity amin' ny fomba miavaka izy ireo ka hetsika maro loko no entina mandravaka izany. Ka na misy aza ny olana madinidinika dia tsy ahasakana azy ireo tsy hifety izany. Ny 28 Jolay izao moa no hanamarihana ny hetsika ka eny Vontovorona ihany no hanaovana azy ka amin'ny alalan'ny filaharambe ataon'ireo mpianatra isaky ny taranja no hanokafana izany amin'ny fomba ofisialy izay hanomboka amin'ny 7 ora sy sasany maraina. Aorian'izay ny fotoam-pivavahana iraisampinoana lehibe ao amin'ny Amphi II izay hatrehan'ireo



Foibe Telma Andraharo izay mpanoahana ofisialy ny fankalazana tsingerin-taona faha-50n'ny ESPA nitafa tamin'ny mpanao gazety omaly.

olo-manakaja sivily sy miaramila maro izay nasaina. Raha araka ny fandaharampotoana ihany dia hifandimby handray fitenena ireo solotenam-panjakana isantokony ary mandritra izany no hanolorana mariboninahi-pirenena ho an'ny mpiasa sy mpampianatra nahavita be tamin'ny andraikitra napetraka taminy sy ny fametrahana ny vatofototry ny efitrano Voahary (salle de thèse Voahary)

**Seho maimaimpoana Mahaleo**

Fa anisan'ny hanamarika ny hetsika ihany koa ny fampisehoana goavana ataon'ny tarika Mahaleo izay hanomboka amin'ny 5 ora hariva. Tsy misy vidim-pidirana io fa maimaimpoana kanefa na izany aza dia nampiseho ny fahavononany hanome ny tsara any aminy ry zareo. Fa ankoatra izay dia faranana amin'ny Friday Poly Night ny hetsika ka haneho ny talentany amin'ny fanomezana hafanana ny Prins Aimiix ary mandritra izany no hatanterahana ny famaranana ny Miss sy Mister 50ème.

Ankoatra izay dia misy ihany koa ny hetsika arapanatanjahan-tena maro samihafa izay hanomboka amin'ny 12 ora sy sasany antoandro sy ny fampiratiana handraisan'ireo orinasa mpiara-miasa sy mpanohana ny ESPA Vontovorona ka anisan'ny handray anjara amin'izany ny Telma Madagascar-Ambatovy- Rio Tinto - Madacan SARLU izay mpanohana ofisialy ny hetsika sy ny mpiara-miasa ahitana ny orinasa Grillaro Tanà-Jovena Madagascar- Groupe Educatif ACEEM- Groupe Basan- eTech - LNTPB Ofisialy - FTHM Consulting - Sogea satom- Cementis Madagascar - Cimelta Madagascar - Ny KolY - COLAS Madagascar ary ny mpanohana INECO Madagascar.

**Tiaray R**

Tetikasa kanto manabe

# Fampirantiana hiompana amin'ny hakanton'ny Madagasikara

Nanangana tetikasa iray antsoina hoe "tetikasa kanto manabe" ny varatava association sy fikambanana hafa maromaro. Tanjon'izy ireo amin'izany ny hampiditra ny tontolon'ny zavakanto, eo anivon'ny fampianarana, izay tokony hanana ny lanjany tokoa eo amin'ny fiarahamonina malagasy. Ho fanombohana izany tetikasa izany indrindra dia hisy fampirantiana voalohany, karakarain'izy ireo mitondra ny lohateny hoe "Diversité et Biodiversité de Madagascar» izay iarahana amin'ireo mpianatra eny amin'ireo sekolim-panjakana ambaratonga faharoa manerana an'Antananarivo Renivohitra. Hanomboka ny 5 Aogositra ho avy izao, ary hifarana ny 30 Aogositra izao izany ary ao amin'ny «Lapan'ny tanàna, Analakely no hanaovana azy. Fampirantiana izay hampiseho sy hampisongadina ny hakanton'i Madagasikara moa izy io ka dia sahalan'ny mandeha mitety an'i Madagasikara ireo mpitsidika mandritra izany. Hizara roa ny fampirantiana, ny mpianatra no hanokatra azy ny 5 Aogositra hatramin'ny 19 Aogositra, ireo mpampianatra sy fikambanana kosa no hanohy izany manomboka ny 19 hatramin'ny 30 Aogositra. Misokatra ho an'ny rehetra moa ny fampirantiana. Marihana fa anisany namolavola izao tetikasa izao niaraka amin'ny association varatava ny Plum'Art, Y-Third Arts Club, Progress ArtWork, ary ny C'ArtBON izay samy fikambanana mivoy zavakanto.

**Tanya R**

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Ilay sambofiara dia ny fiangonana. Ao no ahafahantsika mikolokolo, manabe, hamonjena ny ankohonana."

**Ny Vetso (13. 04. 14)**

("And the LORD said unto Noah, come thou and all thy house into the ark, for thee have I seen righteous before me in this generation." Genesis 7:1)

Bloco Malagasy

# Mahatalanjona ny Espaniola ny talentany



Manana talenta amin'ny fikapohana amponga ny Bloco Malagasy no mandihy.

Mifarana amin'ity herinandro ity ny fitetezam-paritra ataon'ny Bloco Malagasy any espana. Manana seho roa hatao izy ireo anio sy amin'ny zoma hamaranana izany fampisehoana hataon'izy ireo any izany. Misy moa ny seho ankalamanjana dia eo koa ny anaty trano tamin'ireo fampisehoana izay nataon'izy ireo. Samy nahasarika ireo vahiny avokoa izany. Talanjona dia talanjona nijery ny talenta an'ireo vehivavy Malagasy mikapoka amponga manao gadona breziliana sy Malagasy mifangaro izy ireo. Zavatra tsy fahita hoy ireo vahiny ny tahaka izany raha araka ny horonantsary iray miparitaka anaty tambajotra antserasera any. Niodina tamin'ny toerana maro mihitsy moa izany ka saika nahita izany avokoa ny firenena maro ary dia samy nidera ny fahaizana hanan'ny Malagasy avokoa ireo vahiny nahita. Raha tsiahivina dia vehivavy Malagasy maromaro izay samy avy any Toliara no mivondrona ao anatin'ny Bloco Malagasy. Samy manana talenta amin'ny fikapohana amponga izy ireo. Novolavolaina tanaty fikambanana iray izy ireo ary dia efa maro ny seho nataony sy ny toerana nampisehoan'izy ireo ny talentany.Misy hatrany moa ny fikambanana hafa manampy sy manohana azy ireo. Tamin'ity fitetezam-paritra ity izao dia ny Fundación Agua de Coco sy ny kolejin'ny Fitsaboina momba ny biby ao Espana no nangataka azy ireo hanao izany. Mitombo hatrany ny talenta ary mba mahita tany izahay hoy izy ireo rehefa misy ny mitondra tahaka izao. Zava-dehibe ihany koa izao ho antsika Malagasy satria mampitombo ny laza tsara antsika eo amin'ny resaka zavakanto. Anisany tokony ho tohanan'ny fanjakana ihany moa ny talenta tahaka izao.

**Tanya R**

**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA

**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06

**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo **B.P.** 1414 - Antananarivo

**Tél :** 22 697 79 / 22 697 80

**Fax.** 22 273 51

e-mail : midigazetikom@gmail.com

**D.L.I :** 16 196 - 07 - 23

Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

## Fromazy vita amin'ny sôza

**Zavatra ilaina** : lafarina sôza 2 kaopy, rano 6 kaopy, ranom-boasarimakirana 4.

**Fomba fikarakarana azy** : Ampangotrahina ny rano. Asiana rano mangatsiaka kely ny lafarina sôza ary kapohana toy ny atody. Araraka ao amin'ny rano mangotraka. Ahandroina 5 minitra eo ho eo dia androtsahana ny ranom-boasary makirana. Avela hangatsiaka dia atsika amin'ny soga makarakara amin' izay. Raha hanina miaraka amin'ny zavamanta dia ilaina ahandroina adiny iray amin'ny etona vao azo hanina. Tonga dia ampiasaina kosa raha hanaovana baolina na sakafo mila fahandroana.

Lalaon'ny Nosy 2023

# 452 ny atleta hiaro ny voninahitry ny nosy la Réunion

Iray volana eo sisa, higadona ny andro hanatanterahana ny Lalaon'ny Nosy hatao eto Madagasikara. Efa manomboka mandefa ny anarana sy ny isan'ny delegasiona amin'izao fotoana izao ireo Nosy rahavavy mpandray anjara. Ho an-dry zareo Renioney, taorian'ny fandalovan'ireo iraka manokana, nijery ny fizotran'ny fikarakarana sy nanomana ny fivahiniany eto Madagasikara, nanamafy ny fahavononana handray anjara amin'ity andiany faha-11 ny Lalaon'ny Nosy ity izy ireo. Ankoatra izay, nampahafantatra ny isan'ny delegasiona ho avy eto izy ireo, ahitana atleta miisa 452 ka ny 56 amin'ireo dia hifaninana eo amin'ny taranja Atletisma avokoa. Midika izany, fa tsy tonga hitsangatsangana eto izy ireto fa tena handrombaka medaly faran'izay betsaka. Ny fahamaroan'ny atleta hoentin-dry zareo Renioney izao ihany koa, dia azo hitarafana sahady fa matoky ny hisian'ity Lalaon'ny Nosy atao eto Madagasikara ity izy ireo. Raha tsy nanana fahatokisana antsika ry zareo dia mety zara raha nandefa atleta teto. Tsiahivina, amin'ny 25 Aaogositra hatramin'ny 2 Septambra no hizoran'ity fifaninanana ity. Ho antsika manokana, efa nanomboka tamin'ny herinandro lasa teo ny fampivondronana. Efa voatsinjara avokoa ny trano hipetrahana sy ny kianja hanaovan' izy ireny fanazarantena. Anatin'ny famaranana azy ihany koa ireo fotodrafitrasa handray ny fifaninanana, iay antenaina fa ho vita arapotoana avokoa.

**Rabenaivo**

"Mahajanga Mankasitraka Zanaka"

# Mafampana ny fankalazana ny Jobilin'ny Filoha Ahmad Ahmad



Tsy voakosoka amin'ny baolina kitra ny tantarany !

Tsy ataon'ny zanaky ny Faritanin'i Mahajanga ambaninjavatra ny zava-bitan'Atoa Ahmad Ahmad teo amin'ny sehatry ny baolina kitra, Filohan'ny FMF (2003/2017) sy CAF ary taty amin'ny Oseanina Indianina. Tsy teto amin'ny firenena ihany no nampahalaza azy fa hatrany ivelany, ary tsy ambaka amin'izany koa ny nitantanany ny "*Commissaire Général du Sport* ", mitovy lenta amin'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena. Araka izany dia ankalazaina amin'ny fomba manetriketrika amin' ny hetsika ara-panatanjahantena sy zava-kanto any an-drenivohitr'i Boina izany zava-bitany miendrika jobily izany amin'izao fotoampialan-tsasatry ny mpianatra izao. Nanomboka tamin' ny faran'ny herinandro lasa teo ka hatramin'ny alahady 30 jolay 2023, izay ho faranana amin'ny fandefasana afomanga eny amin' ny "Bord". Araka ny fanamarihana nataon'ny Kaomisera Lebiria Rufin, Filohan'ny Komity Mpikararaka ny hetsika, nampitondraina ny lohateny hoe "*Mahajanga Mankasitraka Zanaka*", dia angady nananana sy vy nahitana ny zavatra goavana vitany ho an'ny firenena ny niatrehan'ny ekipam-pirenentsika ny dingan' ny famaranana tamin'ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika 2019, notanterahina tany Egypte. Nahatafita ny Barea de Madagascar tamin'ny lalao ampahefadàlana, nanapahan'ny tonizianina ny diantsika tsy tafita tamin'ny manasadàlana.

**Hifampitana ny Barea sy Mayotte**

"*Saropiaro sy mankasitraka ny zava-bitany izahay Zanak'i Mahajanga. Efa tamin'ny taona 2022 no saika nankalazaina azy ity fa najanona. Anteriko fa tsy misy ambadika pôlitika ny famolavolana sy fanatanterahana azy, izay nahazoana fankatoavana tamin'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena ary ny federasionina (FMF). Ankoatra an'izany dia tsy misy fanavakavahana ara-poko sy firazanana ary finoana ihany koa ny fiarahana mifaly, ka anasana ny namana sy ny havana ary ny mpiara-monina rehetra* ". Nisantarana ny hetsika arapanatanjahantena tamin'ny alahady teo ny fihaonan'ny Ekipa Voafantin'i Mahajanga tamin'ny Barea de Madagascar, manomana ny Lalaon'ny Nosy 2023 eto amintsika, tany amin'ny kianja Rabemananjara. Lavon'ny mpilalaon'i Me Rôrô tamin'ny mokafohy 2 no ho 1 ny tompon-tanana, izay nitarika 1 no ho 0 teo am-pialan-tsasatra. Rahampitso tolakandro kosa indray dia hifampitana ny Ekipa Voafantin'i Mahajanga sy Mayotte, izay manomana ny lalaon'ny nosy ihany koa. Ny alin'ny sabotsy 30 jolay 2023 dia hisy ny "Dîner dansant" hafanain'i Stephanie ao amin'ny Baobab Three. Manomboka ny tolakandron'ny alahady 30 jolay 2023 ny hetsika arakoltoraly, mialoha ny fihaonana eo amin'ny Barea de Madagascar sy ny Ekipa Voafantin'i Mayotte, izay tena handrasan'ny mpankafy kitra tokoa. Ny takariva no hamaranana ny lanonana amin'ny fandefasana afomanga. Marihina moa fa mpilalaon'ny Kintan'i Maintirano izy. Efa nanantevin-daharana ny Finansy Fanatanjahantena Antananarivo, mialoha ny naha mpanazatran'ny AC SOTEMA-n'i Mahajanga azy.

**aris rafaly**

Lomano - "Mondiaux 2023"

# Samy laharana fahavalo i Jonathan sy Idealy




Tafiditra amin'ny fanomanan'izy mianadahy ireto ny Lalaon'ny Nosy izao.

Niditra an-tsehatra avokoa omaly tany Fukuoka Japon ireo solontenantsika mianadahy, miatrika ny fiadiana ny tompondaka eran-tany, taranja Lomano. Samy laharana fahavalo avokoa no nisy azy ireto tamin' izany, nandritra ny fifanitsanana tany amin'ny "serie". Ho an-dRaharvel Harivony Jonathan, ny fifaninanana 100 br no nandraisany anjara voalohany. 1.04.39 no nahavitany ny halavirana, izay azo lazaina tsy dia tsara ihany. Efa nahavita fe-potoana tsara noho io izy nandritra ny fifaninanana iraisam-pirenena natao tany Thaillande. Na izany aza, mbola nandresy mpilomano iray, teratany Soisa ny mpilomanontsika nandritra ity fiadiana ny tompondaka eran-tany ity, izay handraisan'ireo kalaza manerantany anjara. Mbola io filaharana io koa no azon'i Tendrinavalona Idealy, teo amin'ny fifaninanana 100 dos. Tany amin'ny «série 2» no nifaninana izy teo amin' ny «plot 8». Tsy vita hatreo, mbola mitohy ny fifaninanana ho an'ireto solontenantsika mianadahy ireto, ka rahampitso 26 jolay no hiakan-tsehatra avokoa izy ireo, ka ny 100m Nage Libre no handraisan'i Raharvel Harivony Jonathan anjara, raha ny 50 dos kosa no hifaninanan'i Tendrinavalona Idealy. Tafiditra anatin' ny fanomanana ny Lalaon' ny Nosy hatrany izao, ka inoana fa hitondra fahombiaana sy hahazoan'izy ireto traikefa izany.

**Rabenaivo**

Andrianantenaina Jean Félix

# Nampalaza ny ekipan'ny LUCADRO



Efa zatra miara-mihosona amin'ny zana-bahoaka !

Raha vao ny anaran'i Félix no voatonona, dia ny ekipan'ny LUtte Contre l'Analphabète et la DROgue (LUCADRO) no ao an-tsain' ny mpankafy basket-ball, nahazoany solonan'anarana "Félix Lucadro", izay nibata ny anarana maha tompondakan'i Madagasikara zazavavy indroa misesy teo amin'ny sokajy «U12 (2022) – U14 (2023)». Ho fantarintsika ny momba azy, niharitra ny mangidy sy ny mafy tamin'ny fanangana ny Sekoliny, nisafidy nanabe ny ankizy sahirana ara-pivelomana. Niainga tamin'ny fihafiana tanteraka ny LUCADRO mba tsy ilazana sy kilasiana hoe «ekipan'ny mafy ady». Nipetraka tamin'ny renibeny tany Soavindriana Itasy i Félix. Rehefa afaka bakalorea vao niara-nonina tamin' ny ray aman-dreniny teny Betafo – Ambohimanarina. Nianatra ny taranja Malagasy teny Ankatso. Rehefa nahazo "maîtrise" dia niditra nanao FRAM teny amin'ny EPP Antsararay Ambohimanarina, tanindrazan'ny nahitany masoandro. Nanomboka nilalao basket tamin'ny fifaninanam-pokontany. Ankoatra ny fampianarana nataony dia niandraikitra ny "Sport Scolaire"-n'ny EPP Antsararay, izay manana kianja filalaovana basikety. Teo no nihaonany voalohany tamin-dRtoa Mavokely, nampianatra manokana momba ny fitondrantenan'ny ankizy. Tompondakan'i Madagasikara antsekoly ny ekipa nentiny tany Toliary, nisy an-dry Malala sy Ra-Bri. Nanomboka hatreo ny nananganany ekipa, nidirany tamin' ny fifaninanana federaly. Ny mpianatry ny EPP Antsararay no nifinidiny nampianarina basikety. Fanamian' ny sekoliny (maillot) no nampiasainy. Nanomboka hatreo ny tantaran'ny LUCADRO tamin'ny fiatrehana fifaninanana teo anivon'ny "Section Tana Ville" sy ny Ligin'Analamanga... ary Firenena. Tsy manana saran-dàlana nizorana teny amin'ny kianjan'i Mahamasina, niatrehany fifaninanana ny mpilalaony, fa mandeha tongotra mandroso sy miverina. Tompondaka lefitry ny fiadiana ny tompondakam-pirenena "U14" zazavavy ny ekipany, resin'ny JSB teo amin'ny famaranana. Nanomboka hatreo dia nisongadina tamin'ny fifaninanam-pirenena, namoaka mpilalao kalaza matihanina maro... (hitohy).

**aris rafaly**

PETITES ANNONCES Gazetiko

COURS

* Cours de coiffure accéléré spécial vacance. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 608/10-1)

* Cours de massage 3 jours ahaizana manotra. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 608/10-1)

VIDANGE

* Vidange wc fosse septique, wc perdu, puisard, pompage, Makiplast, réparation. Tél : 034.16.145.06. (G-BA 577/14-14)

* Service vidange fosse septique, puisard, wc perdu, Makiplast, wc gasy. Tél : 038.50.054.35. (G-BA 605/15-6)

MIVIDY

* Lamba, kiraro, fanaka, machine, vy, TV, debara, kilalao sns. Tél : 034.03.047.43. Mme Sarah. (G-BA 600/20-13)

Mandrosoa-Ivato

# Tovolahy nitondra môtô maty nifandona tamin'ny fiara

Maty tsy trà-drano tsy nialana nenina akory ity tovolahy iray nitondra môtô trà-doza teny Mandrosoa-Ivato ny Alahady hariva teo ity. Araka ny fanazavàna azo, avy any Ivato handeha hihazo an'i Talatamaty izy no nifandona tamin'ny fiara nifanena taminy. Tonga dia nipitika avy eny ambony môtô ilay tovolahy ary nitsirara teo amin'ny arabe. Mafy dia mafy ny dona nahazo azy ka nitarika tamin'ny fahafatesany. Nitangorona ny olona raha vao nahita ny zava-nitranga saingy rehefa nojerena dia teo ihany dia tapitra ny ain'ilay tovolahy. Tonga nijery ifotony sy nanao ny fanadihadiana ny mpitandro filaminana. Ka raha ny fanazavàna azo hatrany dia nandeha mafy loatra ity tovolahy ity. Notanan'ny zandary natao famotorana ny mpamilin'ilay fiara.

**Hafa koa**

Fa nitrangana lozam-pifamoivoizana nahatsiravina ihany koa tany Toamasina. Vehivavy iray nitondra môtô avy nanatitra ny vadiny no voahitsaky ny kamiao teo Tanandava, sampanana ho any Ambatovy omaly tokony ho tamin'ny 3ora tolakandro. Potika tanteraka ilay vehivavy satria notetezin'ny kodiaran'ilay kamiao mihitsy. Fa ankoatr'io dia nisy mpianaka voadonan' ny fiara ihany koa tao Toamasina ny Alahady hariva teo. Maty tsy tràdrano ilay zaza ary naratra mafy kosa ilay nitondra azy. Nisesisesy mihitsy ny lozam-pifamoivoizana tato ho ato ka mila mitandrina ny rehetra, na ny mpitondra fiara, na ny mpitondra kodiaran-droa hatramin'ny mpandeha an-toerana dia samy tomponandraikitra avokoa.

R.C

APMF

# Hametraka rafitra manara-maso ny entana mampidi-doza entina an-tsambo



Nandritra ilay atrikasa nokarakaran'ny APMF.

Tonga eto Madagasikara ny avy amin'ny *"Organisation Maritime Internationale"* na ny "OMI". Hanatanteraka atrikasa mandritra ny 5 andro izy ireo hiarahana amin'ny APMF sy ireo mpiantsehatra rehetra amin'ny raharaha an-dranomasina, etsy amin'ny trano fandraisam-bahiny Combava, Andranomena. Ho jerena amin'izany ny mikasika fehezan-dalana mifehy ny entana mampidi-doza na ny na ny *"International Maritime Dangerous Goods Code"* "IMDG" ary ny fehezan-dalana mikasika *"Code maritime international des cargaisons solides"* (IMSBC). Nampatsiahy Andriamatoa Tale jeneralin'ny APMF fa nosy i Madagasikara ary ny 94%-ny entana mivoaka sy miditra eto an-toerana dia amin'ny alalan'ny ranomasina avokoa. Amin'ny ankapobeny dia misy ny entana mampidi-doza toy ny akora ampiasain'ny orinasa, raha tsy hilaza isika ohatra ny nickel sy cobalt ka mila homanina ny fanondranana sy ny fitanterana azy ireny amin'ny sambo.

**Tanjona**

*"Ilaina fikarakarana manokana ny fikirakirana azy ireny ary ny fampiakarana na izany eny amin'ny seranan-tsambo. Ankehitriny dia miditra amin'ny resaka "relance économique" ny firenena maneran-tany ary misy ny tetik'asa ara indostrialy na ny fanondranana entana. Noho io dia mila fehezina ny fitanterana andranomasina. Ao anatin' izany dia misy ny fifanarahana iraisam-pinenena (Convention SOLAS) ary misy karazana ireo fehezandalana izay volavolain'ny "Organisation Maritime Internationale" na ny "OMI". Misy amin'ireo ny hampianarina sy hodinihana ary azo lazaina fa tena mifandraika amin'ny aroloza sy ny fitanterana ireo entana izay mampididoza ka mety ahiana hipoaka na hisy fiatraikany manokana hiteraka loza"* : araka nambaran' ny Andriamatoa Tale jeneralin'ny APMF. Tanjona amin' ity atrik'asa hatao ity mba ahafahana manatsara ny rafitra efa misy hanarahamaso ny entana mba tsy hisian'ny loza eny amin'ny ranomasina.

Ariel D.

Polisy novonoin'ny vadiny

# Nitolo-batana ilay ramatoa

Taorian'ilay zava-nitranga tao Sambava ny faran'ny herinandro teo, izay nahafatesana polisy iray novonoin' ny vadiny dia fantatra fa nitolo-batana tany amin'ny mpitandro filaminana ny Alahady teo ilay ramatoa. Mbola tsy fantatra mazava kosa izay tena fototry ny olana nahatonga ny tsy fifamaliana teo amin'izy mivady ka niafara tamin'io famonoana io. Mbola eo am-panaovana ny fanadihadiana tanteraka ny mpitandro filaminana amin'izao. Raha tsiahivina dia maty tsy trà-drano notsatohan'ilay vadiny tamin'ny antsy ilay polisy. Voa tampoka ity farany ka tsy afaka niaro tena akory. Miasa any Maintirano moa ilay polisy saingy sendra nandalo namangy ny havany tao Sambava izy izao namoy ny ainy izao.

R.C

Ambanja

# Mpandraharaha iray maty voatifitra, 28 tapitrisa ariary voaroba

Nitrangana fanafihan-jiolahy tao amin'ny fokontany Maevadoany, kaominina Marotolana, distrikan' Ambanja, ny alin'ny alarobia lasa teo. Mpandraharaha iray no niharan'ny asa ratsy, izay namoy ny ainy mihitsy noho ny tifitra sy ny ratra nahazo azy. Ankoatra izay dia olona 3 ihany koa naratra mafy ary very ny vola 28 160 000 ariary tao antrano. Rehefa natao ny fikarohana dia voasambotra ireo nahavanon-doza. Olona 18 no voatazona ao amin'ny zandary Ambanja, ary mbola mitohy ny fanadihadiana. Rehefa nahetsika ny mpitandro ny filaminana, sy noho ny fanampian'ny fokonolona dia jiolahy iray anisan'ireo nandray anjara tamin'ity fanafihana mitam-piadiana ity no tra-tehaka voalohany. Tratran'ny zandary tao Anaboriana, fokontany Beangona, kaominina Marotolana io olon-dratsy io, izay 50 km miala ilay toerana nisehoan'ny tranga. Marihina fa lalana tsy afaka fiarakodia na môtô ilay toerana fa tsy maintsy natao dia an-tongotra ka izao nahitambokany izao ny fanarahan-dia, hoy ny loharanom-baovao. Io jiolahy io dia fantatra fa anisan'ny mpitari-dia an'ireo jiolahy ireo , nitsoaka nankany amin'iny distrikan'i Bealanana iny.

**Entana**

Rehefa nitohy ny fanarahan-dia dia nisy ny fifandonana niseho ny sabotsy teo tokony tamin'ny sasak'alina tao Antolongolongo, fokontany Antanambao Beangona, kaominina Marotolana, eo anelanelan'ny distrikan' Ambanja sy Bealanana. Azo sambom-belona ny jiolahy anankiray ary telo tamin'ireo olon-dratsy ireo no naratra saingy nentin'ny namany nitsoaka. Na izany aza azo teny am-pelatanan'ireo ny vola be tao anaty kitapo mitotaly 28 160 000 ariary. Araka ny fanazavan'ny fianakavian'ny namoy ny ainy dia vola hividianana entana ireo nangalarin'ny jiolahy ireo. Araka izany dia mitohy ny famotorana an'ireo rehetra voarohirohy amin'ity asa ratsy ity.

Ariel D.

Anosibe Angarangarana

# Lehilahy tra-tehaka teo am-pamakiana trano

Lehilahy iray no tra-tehaky ny polisin'ny boriborintany fahadimy Mahamasina teo am-pamakiana trano teny Anosibe Angarangarana ny alin'ny alahady hifoha alatsinainy lasa teo tokony ho tamin'ny 1 ora sy sasany teny. Nandritra ny fisafoana nataon'ireo mpitandro filaminana ireo tamin'io alina io no nahatsikaritra lehilahy iray nanao ny asa ratsiny teny an-toerana izy ireo. Nihanika tamboho izy ny fomba nidirany tao amin'ny faritr'ilay tanàna ary avy eo dia namaky trano. Tsy nisalasala ireo polisy raha vao nahita izany fihetsika nataon-dralehilahy izany ka nanatona azy avy hatrany hisambotra azy. Tsy afa-nitsoaka intsony araka izany ilay olon-dratsy satria tratra ambodiomby. Mety tsy nampoiziny ho tratra ihany koa izy ka dia noraisimpotsiny teo. Taorian'ny fisamborana dia nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy ilay lehilahy. Notanana tany sy natao famotorana izy ka nandritra izany dia tsy nety niteny izay mombamomba azy mihitsy ity farany. Mitohy ny famotorana ataon'ny polisy mialoha ny hanolorana ny raharaha any amin'ny fampanoavana. Ankoatra ny vaky trano dia trangam-piseho eny amin'io toerana voalaza etsy ambony io ihany koa ny resaka fanendahana. Anisan'ny lasibatra amin'izany ireo olona alimpodiana na ireo voatery mivoaka ny tranony vao maraina noho ny fitadiavana. Efa tsy lazaina intsony ny sintomahery atao amin'ny olona any anaty fiara.

T.H

## MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

**Nalefa**




## Hatsikana an-tsary

**Tablô**




## Masoandro miposaka

### II Tesaloniana 2:13

Fa izahay tsy maintsy misaotra an'Andriamanitra mandrakariva ny aminareo, ry rahalahy malalan'ny Tompo, satria Andriamanitra efa nifidy anareo hatramin'ny voalohany hahazo famonjena amin'ny fanamasinan'ny Fanahy sy ny finoana ny marina,

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05

## Noho lanao...




## Ohabolana



**Ny fahatelo be no tsy mampa-nana.**

Un ennemi empêche de s'enrichir.

*Le "fahatelo" (troisième) est un nombre néfaste dans l'art divinatoire.*

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3006**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | 5 | | | | | 4 | |
| | 8 | | | | | | 9 | 1 |
| 4 | 3 | | | 6 | | 8 | | |
| | | | 2 | 9 | | | | 3 |
| | 4 | 3 | 1 | | 7 | 9 | | |
| | 7 | | | | | | | |
| | | | 3 | 2 | | | 6 | |
| | | | | | | | | |
| 2 | | 7 | | 4 | 8 | | | |

Valin'ny laharana **3005**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | 5 | 7 | 2 | 8 | 6 | 9 | 3 | 1 |
| 2 | 9 | 6 | 1 | 3 | 4 | 5 | 8 | 7 |
| 3 | 8 | 1 | 9 | 7 | 5 | 4 | 2 | 6 |
| 7 | 4 | 3 | 5 | 1 | 2 | 8 | 6 | 9 |
| 9 | 1 | 5 | 8 | 6 | 7 | 3 | 4 | 2 |
| 6 | 2 | 8 | 3 | 4 | 9 | 7 | 1 | 5 |
| 8 | 3 | 2 | 7 | 5 | 1 | 6 | 9 | 4 |
| 5 | 6 | 9 | 4 | 2 | 3 | 1 | 7 | 8 |
| 1 | 7 | 4 | 6 | 9 | 8 | 2 | 5 | 3 |

Fakan-kevitra alohan'ny fifidianana

# Tonga eto hanara-maso ny fizotry ny fanomanana ny SADC

Tsikaritra ho manomboka manara-maso akaiky ny fizotry ny raharaham-pirenena ny fianakaviambe iraisam-pirenena. Eto antoerana amin'izao fotoana izao ny iraka manokan'i SADC, ahafantarana ny fizotry ny fanomanana ny fifidianana. Omaly maraina dia ny ekipan'ny miaramanonja no nanombohan' ny SADC ny fakan-kevitra izay notanterahina teny amin'ny « Hotel Colbert », eny Antaninarenina. Dimy mianadahy izy ireo no fantatra fa nihaona tamin'ireo iraka manokana ireo, nahitana ny minisitry ny Serasera teo aloha Vonison Andrianjato ; ny solombavambahoaka 3: Hanitra Razafimanantsoa ; Rodin Rakotomanjato ; Fidèle Razara Pierre ary i Eric Randrianaivo. Araka ny fanazavana nomen'ireo nihaona mivantana tamin'ny SADC dia tsy nivilivily ny fomba nampitana tamin'ireo iraka manokana ireo ny tsy fanarahan-dalàna ataon'ny mpitondra, mahakasika ny fomba itantanana ny firenena, amin'ny ankapobeny. Toy izany koa ny paipaika tsikaritr'izy ireo ahiahiana hangalaram-bato.

**Tsy matoky ny CENI sy ny HCC**

Raha fintinina dia nanaporofo tamin'ny alalan'ny fomba hafahafa nandrafetana ny lisi-pifidianana sy ny fanaovana « jugement supplétif » nanamboarana kara-panondro maro ny tsy fahatokisany ny mety hampadio ny fifidianana ny ekipan'ny miara-manonja. Araka ny loharanom-baovao marim-pototra dia hihaona amin'ny sokajin'asa samihafa, voakasiky ny fifidianana ny SADC ka anisan' izany ny CENI ; ny HCC ; ny governemanta ; ny fiaraha-monim-pirenena. Anisan'ny fantatra nandritra ny fihaonan'ny roa tonta ihany koa fa 5 tamin'ireo tolo-kevitra naroson'ny SADC, hanatsarana ny fifidianana, taorian'ireny krizy pôlitika nisy teto ihany no notanterahan'ny mpitondra. Tsy anisan'ny notanterahan'ny CENI ohatra ny fanaovana peta-drindrina ny lisitry ny mpifidy na dia tao anatin'ny fepetra notakian' ny SADC hotanterahana aza. Tsiahivina fa azo lazaina ho fitaovana entina hisorohana ny krizy ahiana hiseho, na hamahana ny krizy amin'ny firenena ao anatin'ny faritra misy azy ny SADC. Niarahan'ny rehetra nahatsiaro ny andraikitry ny SADC tamin'ny famahana ny krizin'ny 2009.

**V.R.**

Ambasadaoro amerikana

# Nifampidinika tamin'Ing. Rajaonarimampianina momba ny fifidianana

Natomboky ny Ambasadaoro amerikana, Claire Pierangelo tamin'ny Filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina sy ny Mpandrindra Nasionalin'ny HVM Rivo Rakotovao ny fikasany hihaona amin'ireo mpisehatra ara-politika samihafa eto mandritra ity herinandro ity. Omaly, nandray ireo lohandohan'ny mpisorona eo anivon'ny antoko Hery Vaovao ho an'i Madagasikara ireo teny Andranomena io diplomaty vahiny io ary araka ny loharanom-baovao marim-pototra dia noresahina nandritra izany ny maha zava-dehibe ny fifidianana malalaka sy madio eto amin'ny firenena. Nilaza ny Filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina taorian'io fihaonany tamin' ny Masoivoho Amerikana io fa misokatra amin'ny fifampidinihana sy fifanakalozankevitra amin'ny sehatra samihafa foana ny tenany, na amin'ny sehatra iraisampirenena izany na ny eto Madagasikara, mba ho fikaroham-bahaolana manoloana ny zava-miseho eto amin'ny Firenena ankehitriny, sy ho fikatsahana hatrany ny tombontsoa ambonin'ny Firenena.

**Vonona hifanandrina**

Ao anatin'izany rehetra izany, tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa miainga amin' izao zava-misy izao dia tsikaritra ho manomboka mitily ireo mpanao politika manana fomba fijery sy fihetsika metimety aminy sy hahafahany miara-miasa ry zareo Bekitana. Na izany na tsy izany, samy mahatsikaritra ny rehetra fa mbola mieritreritra ny hiverina eny amin'ny lapan'Iavoloha Ing. Hery Rajaonarimampianina ary na dia mbola tsy nambarany mivantana aza dia tsikaritra amin'ny fihetsiny fa mbola vonona hifanandrina amin'ireo mpanao politika hafa izy amin'io fifidianana hotanterahina amin'ny 9 novambra io. Raha demokrasia no resahana dia tsy mitsahatra milaza io filoha teo aloha io fa tsy afaka ny hiresaka izany isika raha tsy mifandraika amin'ny fiakaran'ny tahan'ny fampandrosoana amin'ny lafiny aratoekarena sy ara-tsosialy izany.

**Mamy R.**

Loholona MMM- Savorovoro tamin'ny bakalorea

# Voasakana ny taratasy nalefany tany amin'ny minisitra

Tohin'ny savorovoro sy korontana nandritra ny fanadinana bakalorea ny herinandro lasa teo dia nandefa taratasy fangataham-panazavana tany amin'ny minisitra mpiahy ny ministeran' ny Fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa ny loholona Rakotondrainibe Michel. Nosakanana filohan'ny Antenimierandoholona anefa io taratasy io. Anton'izany raha ny fampitam-baovao voaray noho ny efa fanaovan'ny birao maharitry ny Antenimierandoholona serasera momba ity raharaha ity. Tranga izay mampametrapanontaniana hoe, ny hanao serasera ve no mahamaika ireo mpiara-dia amin'ny mpitondra sa ny fanarenana ny hoavin'ny zaza Malagasy ? Tsiahivina, fa nandefa taratasy fangatahana fihaonana tamin'ny Minisitry ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa ny zoma teo ny loholon'i Madagasikara lany tamin'ny antoko MMM, izay filohan' ny kaomisiona sosialy, kolontsaina sy serasera.

**JUDD**


## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :


## Marina izany !

### Mbola mifamahofaho !

**Efa-bolana eo ho eo mialohan'ny datim-pifidianana, tsikaritra ho mbola tsy manana antoka ahafahan'ny olom-pirenena ho resy lahatra fa hisy ary hizotra araka ny tokony ho izy ny fifidianana. Na efa namoaka ny didim-panjakana hanaikana ny mpifidy handatsa-bato aza mantsy ny governemanta dia tsy vitsy ny mpanao pôlitika, eny fa na ny olom-pirenena tsotra aza no mametraka ahiahy, noho ny zava-misy. Hatreto tsy mbola nisy aloha fanentanana re amin'ny haino amanjery, na avy amin'ny tompon'andraikitra isan-tokony, miantefa amin'ny olom-pirenena hifantoka amin'ny fifidianana. Ankoatra izay, mbola olana iray goavana ny tsy fahampian'ny vola hanatanterahana ny fifidianana, nambara ombieny ombieny fa hiandrasana ny fandraisana anjaran'ny mpiara-miombon'antoka amintsika any ivelany. Manginy fotsiny ny fanamarihana averimberin'ny mpanao pôlitika, avy amin'ny hery fanoherana ny tsy fahatomombanan'ny fandrafetana ny lisi-pifidianana sy ny tranga mampiahiahy manodidina ny fanamboarana karapanondro maromaro, tato ho ato. Na izany na tsy izany, an-daniny tsikaritra ho manomboka mifantoka tanteraka amin'ny fanomanana ny fiatrehana ny fifidianana ny ankamaroan'ny mpanao pôlitika, indrindra ireo vonona hifaninana amin'ny kadidam-panjakana. Manaporofo izany ny fihaonana ataon'izy ireo any ivelany any izay andrenesana tsiliantsofina fa miezaka mampitovy tadin-dokanga. Ankilany, raha jerena maimaika ety ivelany dia mahazo vahana ny tsy fitovian-kevitra eo amin'ny samy mpanohana ny fanjakana. Vokany, manomboka mampiaka-peo manohitra ny fanilihana ireo mpiara-mitolona hatrany am-piandohana ny ampahany amin'ny mpomba ny fitondrana. Ny ampahany hafa kosa tsy andrenesam-peo!**

Voahangy Rakotozafy

Manampahaizana sy mpampianatry ny Oniversite

# "Aza sakanana ireo izay te hilatsaka ka avelao ny vahoaka no hitsara"




**Atoa Andriamalala Mamy Freddy, Filoha nasionalin'ny GNEPUD.**

Samy mifantoka amin'ny fifidianana filoham-pirenena avokoa ankehitriny ny sain'ny mpanara-baovao. Misesy ihany koa ny fanehoan-kevitra momba io. Isan'ny nanao izany fikambanan'ireo manam-pahaizana sy mpampianatry ny Oniversite mivondrona eo anivon'ny GNEPUD (Groupement National des Experts et des Professeurs des Universités pour le Développement). Araka ny fanambarana nataon'ny Filoha nasionalin'ny GNEPUD Atoa Andriamalala Mamy Freddy, dia tsy mitazam-potsiny manoloana ny zava-misy ara-politika eto amin'ny firenena izy ireo. Manaja ny tany tanan-dalàna sy ny fifandimbiasampahefana ara-demokratika izy ireo ary manameloka ny fihetsika hanakanana ny zotram-pifidianana efa voalazan' ny lalàmpanorenana. "*Tokony handeha amin'ny rariny sy ny hitsiny ny fifidianana ary eken'ny rehetra. Aza sakanana ireo izay te hilatsaka ka mahafeno fepetra, fa avelao ny vahoaka no hitsara* », hoy ny fanazavan'ny Filohan'ny GNEPUD. Momba ny Filoha ankehitriny, dia manamafy izy ireo fa ny vahoaka irery ihany no aoka hitsara ny zava-bitany amin'ny alalan'ny latsa-bato. Mikasika ny fanadinana bakalorea, nolazainy fa tokony ahena ny andraikitry ny fahefana foibe amin'ny fikarakarana izany ary ilaina ny fitsinjaram-pahefana sy ny hanaparitahana ny fanadinana isaky ny faritany.

**JUDD**

Bakalorea

# Nahemotra ny fitsarana, nisy laza adina nifamadika ho an'ny teknika

Nahazatra hatramin'izay, manomboka alatsinainy aorian'ny fanadinam-panjakana Bakalorea ny fitsarana ireo taratasim-panadinana rehetra. Tamin'ity taona ity kosa anefa, ny fivoriambe natrehan'ireo mpampianatra teny Ankatso, toerana hanatanterahina ny fitsarana fanadinana isan-taona, niaraka tamin'ny fifandaminana anatiny teo amin'ny samy mpitsara no natao niaraka tamin'ny "president du jury" ihany ary ny fizarana ireo badge sy penina ho ampiasaina no natao. Noho ny fandaminana manokana, mihemotra anio kosa izany fitsarana taratasim-panadinana izany. "*Nidina ny isan'ireo mpitsara fanadinana raha ny hita tamin'ity, izany hoe raha 200 teo no niandraikitra ny fitsarana ny tanatra sy jeografia dia lasa 160 izany sisa. Ireo mpampianatra any amin'ny manodidina an'Antananarivo tsy nisy nantsoina sy nomena "ordre de route" intsony noho ny antony tsy fantatra. Ny tany amin'ny faritra ihany koa, vitsy sisa no nasaina niakatra. Tsy mbola misy resaka kosa ny fandoavana ny tambin-karama fa dia atao fotsiny aloha dia hita eo ny tohiny.*" hoy ny fanazavan'ny mpampianatra iray. Tsy teto Antananarivo ihany fa hatrany amin'ny faritra ity fanemorana fitsarana laza adina ity.

**Teknika**

Nisy nifandiso ihany koa ny laza adina nomena ireo mpianatra teny amin'ny foibem-panadinana LTC sy LMA ho an'ny bakalorea teknika. Nifamadika ny laza adina ary noteren'ilay mpanaramaso tany amin'ny foibem-panadinana tohizana fotsiny ilay izy. "*Na samy teknika aza, misy mahasamihafa azy daholo ny programam-pampianaran'izy ireo ary samy amin'ny maha matihanina azy ny tsirairay. Misy tokony ho maivamaivana ny laza adina kanefa lasa sarotra ary misy ihany koa ny mifanohitra amin'izay. Nilaza ireo mpitsara fanadinana fa ho tsaraina ihany ilay taratasim-panadinana fa lanjalanjaina arak'izay ilay izy. Noho izany rehetra izany, anomboka androany amin'ny 7 ora maraina ny fitsarana ny taratasim-panadinan'ireo mpiadina teknika.*" Miankina amin' ny maha matihanina ireo mpampianatra noho izany ny naoty ho azon'ireo mpiadina. Tsy ny naoty ihany anefa fa ny ho avin' ireo mpiadina bakalorea rehetra mihitsy. Misy ny laza adina nivoaka mialohan'ny fotoana, teo ny laza adina nifamadika ary mbola tsy hay izay mety mbola hitranga amin'izao fitsarana taratasim-panadinana izao.

**Nath**

Oniversiten'Antananarivo

# Manome 72 ora hamahana teboka enina ireo filohan'ny mpianatra

Manome 72 ora hamahana an'ireto teboka enina ireto ireo filohan'ny mpianatra eny amin'ny Oniversiten' Antananarivo raha ny fanambarana navoakan'izy ireo omaly. Isan'izany ny fitakian'izy ireo ny hamoahana ny vatsim-pianarana rehetra tsy mbola azo tamin' ity taom-pianarana 2022-2023 ity. Mitaky ny hamoahana ny vatsim-pianarana rehetra sisa amin'ity taom-pianarana izay diavina ity, satria efa manakaiky hifarana ny taom-pianarana ka tsy hisy lesoka intsony fa ho voaray manontolo izany ka tsy hisy ampahany ho tavela intsony. Mitaky koa ny hijerena akaiky ny fotodrafitrasa manerana ny Oniversiten'Antananarivo rehetra izay anisan'ny antoka iray mahatomombana ny fianarana sy ny fikarohana atao izany fahalavorarian'ny fotodrafitrasa sy ny kalitaom-pitaovana ampiasana ka manitra ny tomponandraikitra mahefa rehetra mba hijery vahaolana amin' izany isan'izany ny jiro izay tapaka lava. Mila hamafisina ny fandriampahalemana eny amin'ny faritry ny Oniversiten'Antananarivo izay efa lasa goragora. Mangataka ireto filohan'ny fikambanan'ny mpianatra ireto mba tsy hisian'ny fahatapahan'ny fianarana intsony fa efa lany taona maro ny mpiantra noho ny taom-pianarana tsy tapitra araka ny fe-potoana tokony ho izy intsony. Manao sonia an'ity fanambarana ity ireo filohan'ny mpianatra sivy: AESM, AEGM, AEDECOUA, AEDM, AEFLSH, AEIAM, SENS, FMSA, AEFMA eny amin'ny Oniversiten'Antananarivo.

**Heriniaina A.**

Tetezan'i Mangoky

# Hanomboka tsy ho ela ny fanamboarana azy

Hanomboka tsy ho ela ny fanamboarana ny tetezan'i Mangoky izay ho tetezana lava indrindra eto Madagasikara raha ny halavany izay 880 m. Ao Bevoay izay amin'ny lalam-pirenena faha-9 no hisy azy ity izay any amin'ny Faritra Atsimo Andrefana sy mampitohy mankany Menabe. Ny herinandro teo no nidinana ifotony nijery ny toerana hiasana amin'ity asa goavana ity ny Minisiteran'ny asa vaventy sy ireo tomponandraikitra rehetra voakasiky ny fanorenana. Fantatra tamin'izany fa vola 64 tapitrisa dolara no hanamboarana an'ity tetezana ity izay famatsiam-bolan'ny BADEA, FSD, OFID, FKDea ary mandray anjara amin' izany ihany koa ny Governemanta Malagasy. Araka ny maha-asa mitaky kalitao ny fanamboarana ny tetezan'i Mangoky dia nilaza ny injeniera fa hatrany amin'ny 30 m ny halalin'ny fototra hananganana ny tetezana. Ho fitsinjovana manokana an'ireo mponina any antoerana dia hisy lalan'ny mpandeha an-tongotra ny amin'ny ilany havia sy havanana eo amin'izany. Raha ny tapaka nandritra ny filankevitry ny Minisitra tamin'ny 6 jolay 2023 lasa teo dia ny orinasa Sinoa CRBC no hanatanteraka ny asa. Ara-tantara raha ny eto amintsika hatreto dia ny tetezan'i Sofia no mbola lava indrindra izao izay mirefy 810 km, izy io dia mampitohy ny Renivohitra Port-Bergé sy Antsohihy amin'ny lalam-pirenena faha-6 iny.

**Heriniaina A.**

Fialantsasatra lehibe

# Mahazo vahana ireo "voyage organisé"

Vita tanteraka iny ny bakalorea ary ao anatin'ny fialantsasatra lehibe ny mpianatra rehetra. Raha mitaraina fa sahirana ny ankamaroan'ny olona, tsy vitsy ireo efa nanomana ity fialantsasatra ity herintaona mialoha tamin'ny fanaovana boatindrakitra na ihany koa fitehirizana vola. "Sarotra ny fanomanana satria ny fidiran' ny mpianatra, saram-pisoratana anarana, ny sarampianarana, ary indrindra ny fitaovam-pianarana tena mafy be mihitsy. Raha tsy nanokana vola mialoha andehanana iala sasatra dia tena tsy vita." hoy Malala, renim-pianakaviana iray. Anisan'ny nampikaikaika ny ray aman-dreny ny fiakaran' ny saran-dalana izay niakatra nanomboka tamin'ny 22 jolay 2023 teo. Eo anatrehan'izany rehetra izany anefa, hita fa miha mahazo vahana amin'izao fotoana izao ireny "voyage organisé" ireny. Misafidy toerana, Manambato, Nosy Be, Ste Marie, Tulear, Majunga sy ny maro hafa fotsiny dia izy ireo no mandamina ny vola aloa ka tafiditra ao anatin' izany avokoa na ny trano hipetrahana, ny fiara fitaterana, ny sakafo sy ny fitsangatsanganana. "Manamaivana ilay izy saingy somary lafolafo satria mamantana fotsiny izahay. Tsy miasa saina intsony ihany koa anefa ka izay no tombony. Maro karazany anefa izy ireny ka mila mahay mijery tsara mba tsy ho diso fanantenana." hoy kosa Rova, raim-pianakaviana. Ho an' ireo kelikely vola anefa, aleony misafidy hotely tsotsotra, mahandro sakafo rehefa tonga any mba hampihena ny fandaniana, ny zava-dehibe rehefa miova rivotra ary tafaraka ny fianakaviana.

**Nath**

Antananarivo Renivohitra

# Manambana hampiakatra saran-dalana ho 800 Ar ireo taksibe



Efa tsy ho takatry ny fahefa-mividin'ny vahoaka madinika intsony ny taksibe. (Tahirin-tsary)

Mikononkonona fanondrotana saran-dalana ireo mpitatitra eto Antananarivo Renivohitra. Taorian'ny fivoriambe nataon'ireo taksibe mivondrona eo anivon'ny UCTU (Union des Coopératives des Transports Urbains) tamin'ny alakamisy lasa teo, dia nanapa-kevitra hampiakatra ny sarampitaterana ho 800 Ariary izy ireo manomboka amin'ny fiandohan'ny volana aogositra ho avy izao. Ny fiakaran'ny vidin'ny kojakoja amin'ny fiara sy ny hetra aloa no antony manosika ireto mpandraharaha ireto hiroso amin'ity fanapahan-kevitra ity. Tsy maintsy mahazo ny fankatoavan'ny kaominina Antananarivo Renivohitra anefa ny fikasan'ireo mpitatitra ity vao hanan-kery. Raha ny vaovao azonay dia efa nisy ny fampiantsoana ny filohan'ny UCTU teny anivon'ny sampandraharaha miandraikitra ny fitaterana eo anivon'ny kaominina, ka andrasana izay mety ho tohiny. Misy amin'ireo mpikambana ao amin'ny UCTU koa anefa no tsy mieritreritra ny hampiakatra saran-dalana noho ny fahatsapan'izy ireo ny fahorian'ny vahoaka. Raha ny voafaritry ny lalàna mifehy ny fiarovana ny zon'ny mpanjifa koa dia mila ampahafantarina 15 andro mialoha ireo mpanjifa vao miroso amin'ny fampiharana ny fanondrotana.

**Tsiahy**

Feno herintaona tamin'ity volana jolay ity ny fampikarana ny saran-dalana ho 600 Ariary. Tsiahivina fa nangataka ny fampiakarana ny saran-dalana ho 800 Ariary ka hatramin'ny 1 000 Ariary koa ireo mpitatitra tamin'izany noho ny fiakaran'ny vidin'ny solika. Nampanantsoin'ny Filoham-pirenena teny Ivaloha ireto farany, ka ny saran-dalana 600 Ariary no nahitan'ny andaniny sy ny ankilany marimaritra niraisana. Tsy nisy fanampiana nomena ireo mpitatitra tamin'izany, saingy nambara fa rehefa miakatra ny vidin'ny solika vao miroso amin'ny fampiakarana indray. Mbola tsy nihetsika tamin'ny vidiny anefa ny solika mandraka ankehitriny. Iaraha-mahalala koa ny faharatsian'ny kalitaon'ny fitaterana, izay miteraka fanafitohinana sy fahasorenana ho an'ny mpanjifa toy ny fihodinana an-dalana, indrindra fa rehefa manomboka hariva ny andro.

**R. Muray**

Bakalorea teknika

# Tsy hita tao anaty valopy ny laza adina "économie agricole sy tertiaire"

Nisehoana tsy fahatomombanana indray ny bakalorea teknika andiany faharoa tany Maroantsetra. Voalaza mantsy fa rehefa nosokafan'ny tomponandraikitra tao amin'ny foibem-panafinana tany Maroantsetra ny valopy mitahiry ireo laza adina rehetra dia tsy tao anatiny ny laza adina " économie agricole sy tertiaire." Nisy ny fepetra noraisin'ny tomponandraikitra dia ny namoahana ireo mpiadina rehetra voakasik'izay olana izay. Ireo mpiadina efa manana laza adina kosa afaka nanomboka avy hatrany ny fanadinany. Efa nanaovana tatotra mikasika izay ihany koa ireo tomponandraikitra isan'ambaratongany. Naverina nalefa tany amin'ny lehiben'ny foibem-panadinana ny laza adina ary naandray andraikitra tamin'ny fanontana sy fiantohana izany izy sy ny zandary niasa tao. Afaka niverina namonjy ny efitranom-panadinana kosa ireo mpiadina rehefa tonga ny laza adina.

**Nangonin'i Nath**